## NY TENY FIAINANA

*"Koa niara-nalevina taminy tamin'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao."*
***Romana 6:4***

### CAN 2023

# Barea hihaona amin'i Angola anio amin'ny 7 ora hariva malagasy




*Barea septambra 2023.*

Amin'ny 7 ora hariva (ora malagasy) anio alakamisy 7 septambra 2023, ao amin'ny kianja « Stade National de Lubango – Angola », no hifanandrina eo amin'ny fifanintsanam-bondrona, andro faha-6 farany, ny Barea de Madagascar sy ny ekipam-pirenena Angolaise. Ireto avy ireo mpilalao nantsoin'i Coach Rôrô hiatrika an'ity lalao ity : Nina, Adrien Melvin, Allan, Nantenaina, Rajo, Jean Martin, Rado, Théodin, Tantely, Marco Ilaimaharitra, Rayan, Rojo, Lalaina, Tendry, Toky, Tiavina, Yvon, Loïc, Dorien, Arnauld, Fortun Safidy Titouan kapitenin'ny FC Nantes ary efa nilalao tao amin'ny Barea U23 sy i Ferron Gianni (US Torcy) izay efa tao anatin'ny ekipam-pirenena Malagasy niatrika ny « Jeux de la Francophonie » tamin'ny fotoanandrony.

***Rainilita***

### Coupe du monde de rugby à XV 2023

# Hanomboka rahampitso zoma any France





*Coupe du monde de rugby.*

Ny ekipam-pirenen'i Frantsa sy Nouvelle-Zélande, no hanokatra ny fifaninanana fiadiana ny ho tompondaka eran-tany amin'ny Rugby à XV 2023 andiany faha-10, rahampitso zoma 8 septambra 2023 hanomboka amin'ny 01 ora sy 45 minitra frantsay. Ny 8 septambra ka hatramin'ny sabotsy 28 oktobra 2023 ho avy izao no hanatanterahana ity hetsika ity any France, ka ny « World Rugby » no mpikarakara azy. Marihana fa isaky ny 4 taona hatramin'ny taona 1997 no hanatanterahana an'ity fi- faninanana ity, ka fandroany izao no handraisan'i Frantsa azy (2007, 2023) ary hisongadinan'ny fandraisana anjara voalohan'ny ekipam-pirenen'i Chili firenena faha-3 avy any Amerika Atsimo handray anjara. Firenena 19 nosokajiana ao anaty vondrona miisa 4 no handray anjara : Poule A : France, Italie, Namibie, Nouvelle-Zélande. Poule B : Afrique du Sud, Ecosse, Irlande, Roumanie, Tonga. Poule C : Australie, Fidji, Galles, Géorgie, Portugal. Poule D : Angleterre, Argentine, Chili, Japon, Samoa.

***Rainilita***

### Tompondaka eran-tany fibatana fonjamby

# Nahazo medaly indray i Rosinah



*Radafiarison Rosina any Riyad.*

Nanomboka tamin'ny 4 septambra teo, ka hifarana amin'ny alahady 17 septambra 2023 ho avy izao, ao amin'ny « Salle du Ministère des Sports » ao amin'ny « Complexe olympique Prince Faisal bin Fahd » any Riyad renivohitr'i Arabie Saoudite , ny fifaninanana fiadiana ny ho tompondaka erantanin'ny taranja fibatana fonjamby, izay hetsika iray amin'ireo roa karakarain'ny IWF « Fédération Internationale d'haltérophilie », natao indrindra hahazoana tapakila fahazoa-miatrika ny Lalao Olympika Paris 2024, mialohan'ny fifaninanana farany hatao any Thaïlande amin'ny volana aprily 2024. Tsy maintsy miatrika an'ity fifaninanana any Riyad ity ny mpifaninana fibatana fonjamby kalaza indrindra maneran-tany raha te hisitraka ny iray amin'ireo «quotas » miisa 10 isaky ny sokajin-danja olympika amin' ity taranja ity. Nahazo medaly iray indray ankoatra an'ireo medaly volamena azony tamin'ny Lalaon'ny Nosy 2023 ilay mpibata fonjamby Malagasy, Radafiarison Rosina teo amin'ny sokajy -45 kg nandraisany anjara ( 77 kg arraché, 93 kg épaulé jetté : 170 kg total olympique) ka nahavoahosotra azy ho vice championne teo anatrehan'ilay Thaïlandaise, Sirivimon Pramongkhol nahavita nibata : 179kg, arr: 78kg, epj : 101kg ka nahazo ny medaly volamena. Sambany izy nandray anjara tamin' ny fifaninanana eran-tany ka nahazo medaly volafotsy sahady. Amin'ity andron'ny alakamisy 07 septambra ity dia anjaran'ny lehilahy sokajy 67 kg no miakatra an-tsehatra eo amin'ny fifaninanana.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henan'ondry natono** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary tômaty na lasary voatabia miaraka aminy, dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana amin'ny aretin-tsofina ny sodifafana

Fanafana amin'ny aretin-tsofina ny sodifafana, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Fantaro ary fa rehefa mivoaka nana ilay sofina dia efa gravy ny aretina, ka mety miafara amin'ny tsy fahenoana mihitsy aza.
ZAVATRA-ILAINA : sodifafana :
-FOMBA-FIKARAKARANA AZY :
Alaina ny sodifafana mbola maitso ary atono amin'ny afo mandritra ny 3 minitra fotsiny.
Rehefa vita izay dia avela mangatsiaka izay vao azo ampiasaina.
-FOMBA-FAMPIASANA AZY :
Alaina ny tapaka lamba kely madio sady manify, ka fihazana ao anatiny ilay sodifanana avy natono teo dia araraka ao anaty sofina izay marary ilay ranona sodifafana.
-FAHARETAN'NY FANAOVANA AZY :
Mandritra ny 10 andro misesy dia tokony ho sitrana ny sofina izay narary teo.
-FANAMARIHANA :
Tsy maintsy isaky ny alohan'ny hatory hariva ihany no fampiasana ity fanafody natoraly ity.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Manjakandriana distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Manjakandriana distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Manjakandriana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Mahanoro. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny kafe, ny lavanila, ny dipoavatra. Ny voankazo toy ny manga, ny letchi, ny akondro.

